# Ilay Voa Tsara Nafafy 13 Septambra 2018

# 13 Alakamisy septambra

**Ny faharetana mahatonga fahatsaram-panahy voazaha toetra ; ary ny fahatsaram-panahy voazaha toetra mahatonga fanantenana.** Romana 5. 4

**Fa tokony hanana faharetana ianareo mba hahazoanareo izay lazain'ny teny fikasana, rehefa vitanareo ny sitrapon'Andriamanitra. Fa „rehefa afaka kelikely, dia ho tonga Ilay ho avy, fa tsy hitaredretra".**
Hebreo 10. 36-37

### Faharetana

Ny mpikarakara zaridaina rehetra dia mahafantatra fa ohatra ny mitombo haingana kokoa ny ahidratsy noho ny voly natao. Tsy maintsy manam-paharetana manongotra ny ahidratsy eny anelanelan'ny voly, mandrantsana, mba hahazo vokatra. Raha tsy manam-paharetana, dia tsy mahita ny hakanton'ny zaridaina. Rehefa avy mamafy, dia tsy maintsy mahay miandry, alohan'ny hahazoana fahafinaretana amin'ny voninkazo na hiotazana voankazo sy anana tsara.

Matetika tokoa ny hambontsika dia mahatonga antsika tsy hahazaka toejavatra na olona toa manakantsakana ny lalantsika. Raha ny tiantsika, dia mba handeha araka izay nokendrentsika ny zava-drehetra, ary handeha haingana ! Tsy maharitra miandry ny hialan'ireny sakantsakana ireny isika.

Ary izaho, mba nianatra hanana faharetana ve aho ?

Faharetana inona moa izay ? Faharetan'ny finoana mamela fotoana hiasan'Andriamanitra. Rehefa matoky Azy aho, dia miditra an-tsehatra Izy, ka matetika no manome vahaolana tsara kokoa noho izay rehetra mety ho azoko amin'ny heriko samirery. Mifanohitra amin'izany, ny fihetsika maimaika dia mety hiteraka ady, na vokatra maharary ho an'ny tena sy ho an'ny hafa. Rehefa manana faharetana aho, ao anatin'ny toejavatra sarotra, no hahatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra.

Koa rehefa mitoky amin'ny Tompo aho, anaty toe-tsaina maneho faharetana, no hahay mizaka ny fizahan-toetra. Matetika dia amin'ny fotoan-tsarotra no ahazoan'ny kristiana ireo lesona lehibe indrindra eo amin'ny fiainany. Ambaran'ny Baiboly fa „sambatra izay efa naharitra" (Jakoba 5. 11). Izaho koa ve mba mahatsapa ny faharetan'Andriamanitra Raiko amiko ?